

Malagasy Protestant Church in France  
Madegassische Protestantische Kirche in Frankreich

Eglise Protestante Malgache en France

Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy



Siège national

47 rue de Clichy  
75009 Paris

Tél. 01 45 96 03 05

### Ireo ady mahazatra ao amin'ny Baiboly. Ny adin'i Jakoba (Genesisy 32/9-32)

Manahirana dia manahirana ahy ny mamaky ny Genesisy 32/9-32, mitanisa zavatra maro<sup>1</sup> ary ny iray amin'izany dia ny « adin'i Jakoba ». Eny miady i Jakoba fa saingy miady amin'iza izy ?

Manahirana ahy ny mamaly izany koa mitady fanampiana avy amin'ireo olona teo alohantsika aho hanampy antsika amin'ny famakiana ny Genesisy 32. Ny malagasy katolika romana dia milaza hoe : « I Jakôba nanomana ny hihaonany amin'i Esao » (3-21). « Tolona tamin'Andriamanitra » (22-32). Ny Diem dia milaza hoe : « Ny fiomanan'i Jakôba hihaona amin'i Hesao » (2-22). « Ny tolona nataon'i Jakôba tamin'Andriamanitra » (23-32). Ny malagasy protestanta dia milaza hoe : « Ny nihaonan'i Jakoba sy Esao » (32/4 – 33/20). Ny tapany faharoa dia mampianatra antsika zavatra samihafa arakaraky ny antokom-pivavahana. Katolika romana : « Tolona tamin'Andriamanitra » (22-32). Diem : « Ny tolona nataon'i Jakôba tamin'Andriamanitra » (22-32). Ireo roa ireo dia manindry fa Jakoba dia niady tamin'Andriamanitra. Ny protestanta dia tsy milaza ny ady, satria tsy fantany izay iadiana, fa mampisongadina ny fihavanana eo amin'i Jakoba sy Esao.

Ny famaritana ny teny vakina (*péricope*) sy ny fanapahana ny vakiteny dia efa fitaritana ny mpamaky hifantoka amin'ny zavatra iray. Ny lohateny dia tsy Soratra Masina fa fizarana ny vakiteny, manampy betsaka antsika. Ny antsika dia manao hoe : « Ny adin'i Jakoba » (9-23). Isika irery ihany no manapaka ny teny manomboka eo amin'ny andininy faha 9 satria heversntika, ampanetren-tena, fa eo no manomboka ny zava-dehibe momba ny ady. Koa hotomorintsika akaiky ny mikasika ny ady nataon'i Jakoba. 1. Ahoana ny fomba fiadiny ? 2. Resy ve izy sa maharesy ? 3. Miady amin'iza Jakoba ? 4. Inona ny vokatry ny ady amin'ny fainany ? Ary ny ambarako dia hoe : **Miady miaraka amin'Andriamanitra Jakoba**, na koa hoe : Andriamanitra miaraka miady amin'i Jakoba.

Tsy ho voavalintsika tanteraka ireo ; ary ny valitenintsika dia iray amin'ireo valiteny maro be koa mila fanetren-tena lalina isika mila mihaino ny valitenin'ny hafa satria na tsy maintsy manana Baiboly ho an'ny tenany tsirairay avy isika ny protestanta, -ary noho izany dia tsy maintsy mamaky samy irery ny Baiboly-, ny Baiboly dia tsy natao ho vakina samy irery fa voalohany indrindra natao ho vakina manakoako ho an'ny rehetra eo amin'ny toerana fivoran'ny rehetra koa ny rehetra no manome ny heviny.

Manarak'izany na dia haintsika aza ny mamaky ny Soratra Masina amin'izay fahaizantsika rehetra dia zava-poana izany raha tsy ny Fanahin'Andriamanitra irery ihany no mahatonga izany ho

<sup>1</sup> « mystère » hoy Saint Augustin, *Sermo V, Opera omnia, PL*, t. 8, col. 57. Hoy Elie Wiesel, « Aventure étrange, mystérieuse de bout en bout, d'une beauté à faire frémir, d'une intensité à faire douter des sens. Qui n'a-t-elle fasciné ? Philosophes et poètes, rabbins et conteurs, tous cherchent à résoudre l'éénigme de ce qui s'est passé cette nuit-là, à quelques pas du ruisseau Yabbok. », in *Célébations. Portraits, légendes*, Seuil, 1994.

tenin'Andriamanitra mahavelona antsika. Koa anetry tena isika azahoan'ny Fanahy Masina mitsoka antsika, mitsofoka eo anelanelan'izay vakintsika sy henontsika ; ary koa mamafa ny tenantsika isika azahoan'ny Fanahy Masina mitsofoka eo eo anelanalenan'ny Soratra Masina sy ny tenin'Andriamanitra.

Ny Soratra Masina no itenenan'Andriamanitra amintsika nefo tsy mifangaro ny Soratra Masina sy ny tenin'Andriamanitra. Ny Soratra Masina ilazan'i Mosesy, na Amosa, na Jaona ny momba ny fihaonan'Andriamanitra amintsika fa ny henointtsika dia ny tenin'Andriamanitra milaza ny fihaonany amintsika. Mety milaza ny fihaonan'Andriamanitra amintsika i Abrahama, na i Jeremia, na Marka nefo mety magina tsy miteny Andriamanitra. Ny zava-dehibe dia ny fihainoantsika an'Andriamanitra, ny fihainoantsika ny tenin'Andriamanitra fa tsy ny teny momba an'Andriamanitra. *L'important et décisif est l'écoute de la parole de Dieu et non pas l'écoute de la parole sur Dieu.* Na izany aza, ny filazan'ny Soratra Masina ny momba ny « adin'i Jakoba » dia manampy betsaka antsika amin'ireo ady ataontsika.

Io tolona io dia fihaonany manokana amin'Andriamanitra. Ny vavaka dia fihaonana manokana amin'Andriamanitra. Izay no farany ambara amintsika ; saingy mialohan'ny fihaonana amin'Andriamanitra dia misy tolona hafa atao : tolona ataon'ny tena samy irery amin'ny fahavalo, fahavalo avy any ivelany sy fahavalo ao anaty. Ny hotomorintsika dia ny fiainan'ny vavaka, ny famindran'ny vavaka, ny adin'ny vavaka, *le cheminement de la prière, le combat de la prière* ; koa ezahantsika ahantona izay rehetra fantatsika fa hanaiky ho taritin'ny teny miaraka amin'i Jakoba isika, koa ny tolona ataon'i Jakoba dia tolona ataontsika ihany koa.

Ny mpamingana dia voatsodrano tamin'ny « andro fahatelo » rahefa nitolona tamin'ny alalan'ny firesahana. Mampiditra antsika amin'ny vavaka izany. Milaza amintsika ny firesahantsika amin'Andriamanitra : miaino an'Andriamanitra sy miteny amin'Andriamanitra. Ny fihainoana an'Andriamanitra dia amin'ny fisaintsainana atao amin'ny famakina ny Soratra Masina, ary ny valitenintsika avy amin'ny fihainoana ny tenin'Andriamanitra no vavaka, na vavaka fangatahana, na vavaka fisaorana. Mangina isika rahefa miteny Andriamanitra, mangina miainao azy ; miaino azy amin'ny alalan'ny fisaintsainanana ny Soratra Masina. Mangina Andriamanitra rahefa miteny isika, mangina miaino antsika.

## 1. Ny fomba fiady

**Ny vavaka dia fifanakalozana fihainoana sy fitenenana** ; ary ny toerana mendrika indrindra anaovana izany dia eo anivon'ny fo<sup>2</sup>. Fo izay itoeran'ny fanapahan-kevitra koa mahatonga ny fiovana an'aty eo anivon'ny saina, mahatonga ny fibebahana, mahatonga fiovana ao anaty azahoan'ny fitondran-tena ivelany miova famindra. Ny toerana mendrika indrindra anaovana ny vavaka dia ny fo satria ny tenin'Andriamanitra dia avy amin'ny fon'Andriamanitra. Ny fo ihany no afaka miaino izay avy amin'ny fo. Ny fon'olombelona ihany no afaka miaino ny fon'Andriamanitra. Noho izany ny vavaka dia fo roa mifandray.

---

<sup>2</sup> Ny ampovoan'ny vavaka dia ny fo izay misy ny fitiavana sy ny finoana ary ny saina. Ny fo dia toeran'ny fitiavana araka ny Deotoronomia 6/5 sy Matio 19/8. Ny fo dia toeran'ny finoana, ary izany no ilazana ho an'ny Romana 10/9 hoe : « raha mino ao amin'ny fonao ianao », ary izany koa no ilazan'i Jesosy hoe : « votsa saina ka tsy mino » (Lioka 24/25), ara-bakiteny dia : votsa fo koa tsy mino. Ny fo koa dia toeran'ny saina (intelligence). Ny fametrahan'ny olona ny saina eo amin'ny loha dia tsy araka ny Baiboly. Ny Soratra Masina dia manambara fa ny saina izay mitondra ho amin'ny fahalalana dia ao amin'ny fo, araka ny ambaran'ny Deotoronomia 29/3 fa ny maso dia ho an'ny fahitana, ny sofina ho an'ny fandrenesana, ary ny « fo hahalala ».

**Ny fiatombohan'ny vavaka dia ny fandinihan-tena.** Tamin'ny « andro voalohany », raha vao teraka Jakoba dia momeny ny reniny Rebeka anarana hoe « mpamingana » (Genesisy 25/26), ary tao aorin'izay, tamin'ny « andro faharoa » dia mbola namingana ny rahalahiny Esao : nividy ny fizokiana tamin'ny mena, tamin'ny voamena (Genesisy 25/29-34), namitaka ny rainy Isaka, -niampy ny tsikombakomban'ny reniny-, azahoany ny tsodran'i Esao avy amin'Isaka (Genesisy 27/1-23 sy Genesisy 27/36), nandroba tamin'ny hafetsena ny fanan'i Labana rafozany (Genesisy 30/36-42) ; ary izao amin'ny « andro fahatelo » dia hody any amin'ny tany nihaviany ary manao « fandinihan-tena », mitovy amin'izany no ataontsika Fpma amin'izao 40 andro mialohan'ny paska izao, manao « Fahatsiarovana ny nijalian'ny Tompo, fiomanam-panahy, fandinihan-tena sy fibebahana ».

**Ny vavaka dia mila fitokanana samy irery.** Jakoba vonona ny hiatrika ny rahalahany ary mailo dia mailo koa manao fanomanana fatratra (and. 9-24). Ary rahefa vonona ny zavatra rehetra ihaonany amin'ny rahalahiny, rahefa tafapitany ny rano mampisaraka ny sisitanin'i Esao ny rehetra niaraka taminy, dia nitoetra irery izy ary nisy nitolona taminy nandrity ny alina (and. 25-32)

## 2. Iza no maharesy amin'ny ady ?

**Ny tolona atao'nny tena samy irery dia mila fanomanana saingy misy ny tampoka tsy voafehy nefy tsy maintsy atrehana.**

Ny alina no fotoana « tsara » anaovana zavatra miafina ary noho izany dia fotoana tsara ho an'i Jakoba tsy ahitan'ny olona azy amin'ny fidirany amin'ny tanin'i Esao ; fotoana izay ijokoany tampoka ny rahalahany. Mifanohitra amin'izany fa ny mpijoko no voajoko. Na dia nanomana ireo paika sy tetika maro samihafa aza Jakoba mba tsy hisy hahita ary indindra mba hitantana sy hanara-maso ny rehetra dia nisy zavatra tsy voaomany ; nihevitra izy fa azony tantanana sy araha-maso ny zavatra rehetra nefy nisy nanapoka azy. Tsy maintsy miatrika ny manapoka azy izy ary tsy misy fanomanana sy fierovana azony atao amin'izany fa tsy maintsy mitolona. « Ary Jakoba nitoetra irery ; nisy lehilahy iray nitolona taminy ambara-pahazavaratsin'ny andro » (and. 26). Tsy fantatr'i Jakoba io olona nitolona taminy io ; ary taritiko koa ianareo tsy ahafantatra izany fa manaiky ho taritin'ny teny, koa ho hitantsika miandalana io olona mitolona amintsika sy Jakoba io, ho hitantsika io amin'ny fitsofohantsika miandalana ao amin'ny vavaka.

Iza no mandresy amin'ny tolona ? Ny tantara dia mampiseho antsika fa miovaova ny fandehanjavatra.

Amin'ny voalohany dia nisy olona nitolona tamin'i Jakoba, « nisy lehilahy iray nitolona taminy ambara-pahazavaratsin'ny andro » (and. 25b), ara-bakiteny dia : « nisy olona nihoso-mbovoka niaraka taminy », (ny teny fototra ampiasaina dia *avak*, milaza hoe vovoka ; *yavek* : mihosom-bovoka). Lazaina fa tsy naharesy an'i Jakoba ilay olona nitolona taminy « hitany fa tsy naharesy azy izy » (and. 26a), ara-bakiteny : « hitany fa tsy nahinana azy izy » (ny teny fototra ampiasina dia *akal*, milaza hoe : mihinana), « nokapohiny ny foto-peny » nefy tsy resy Jakoba. Noho izany dia Jakoba no nandresy tamin'ny tolona. Jakoba no nampihinana an'ilay olona tamin'ny fihosonam-bovoka ; ary ilay olona nitolona tamin'i Jakoba dia nangataka taminy ny andeha, « avelao andeha aho fa mazava ratsy ny andro » (and. 27a), saingy tsy nanaiky ny fangatahana Jakoba fa niady varotra, nifandahatra, nametraka fepetra « tsy hamela anao handeha aho raha tsy tahinao aho » (and. 27b).

Ilay mpampingana naka tamin'ny hafetsena ny tsodrano avy tamin'Isaka rainy dia niova noho ny ady koa lasa mitaky tsodrano amin'ny olona tsy fantany ; ary olona ambany noho izy satria olona resiny tamin'ny ady. Mahagaga ny tolon'ny vavaka.

Isika izay miaradia amin'i Jakoba dia taritiny, ampianariny fa rahefa mitolona amin'ny olona isika dia manomboka mahatsapa miandalana fa ao amin'io olona itolomantsika io, ao amin'io olona iadiansika io, ao amin'io olona fahavalontsika io io dia misy endrik'Andriamanitra. Andriamanitra miteny amintsika amin'ny alalan'ny olona fahavalontsika itolomantsika.

Eo amin'ny ady rehetra izay atao, dia ny olona maharesy no manotany ny anaran'izay resy. Niaina tanteraka izany ny tontolon'ny hebreo sy ny tontolon'ny grika. Izao anefa ilay olona resy no manotany ny anaran'ny naharesy : « Iza ny anaranao ? » (and. 28a) ary namaly ny naharesy : « Jakoba » (and. 28a). Miova tanteraka ny tolona. Isika izay miaradia amin'i Jakoba dia taritiny fa ny faratenin'ny ady dia tsy fisarahana fa fihavanana : fifanakalozana teny eo amin'ny roa tonta, fifanakaolzana teny hampihavana ny roa tonta. Mampihavana amin'ny fahavaloo ny vavaka.

Ny fahafantarana ny anaran'ny olona dia midika ny fananana fahefana amin'ny olona satria eo amin'ny tontolon'ny Baiboly ny anarana dia milaza tanteraka ny maha olona. Ny resy no lasa manana fahefana amin'ny mpandresy. Ny filazana amin'ny hafa ny anaran'ny tena dia fomba iray entina ilazana fa manaiky azy. Ny famalian'i Jakoba ny fanotaniana dia entina ilazana fa manaiky resy i Jakoba, manaiky ny ho eo ambanin'ilay olona nitolona taminy.

### **Ny fandresen'i Jakoba**

Amin'ny faneken'i Jakoba fa naharesy izy nefá nanaiky ho resy dia vao maika izy natao mpandresy satria nomena anarana vaovao : « Tsy hatao hoe Jakoba intsony ny anaranao fa Israely ; satria ianao nitolona tamin'Andriamanitra sy tamin'ireo olona, ary ianao no naharesy » (and. 29). Niova tanteraka Jakoba noho ny vavaka.

Jakoba ilay mpampitaka tamin'ny « andro voalohany » ary mpamitaka ihany koa tamin'ny « andro faharoa » dia tsy nitolona fotsiny tamin'ny olona iray fa nitolona tamin'Andriamanitra sy tamin'ireo fahavalony : « tamin'ireo olona » (and. 29b), koa natao ho mpandresy tamin'ny « andro fahatelo ». **Ny tolona amin'ny vavaka no mahatonga ny olona ho mpandresy.**

**Jakoba anefa tsy mpandresy tanteraka samy irety fa mpandresy miaraka amin'Andriamanitra.** Israely dia midika hoe : Andriamanitra mitolona. Ny ady dia tsy vita indray mandeha fa mitohy ; tsy hoe : Andriamanitra nitolona na Andriamanitra hitolona, fa milaza ny faharetana : Andriamanitra mitolona. Jakoba lasa Israely : **Jakoba lasa mpitolona miaraka amin'Andriamanitra mpitolona.** Andriamanitra mitolona miaraka amin'i Jakoba, Andriamanitra mitolona ho an'i Jakoba. Amin'izay ady rehetra ataontsika dia tsy miady irety isika fa Andriamanitra miady ho antsika, Andriamanitra mitolona miaraka amintsika.

Misy akony lehibe ao amin'ny Testamenta vaovao izany tolona izany. Izany no averina ho an'ny Romana hoe : Ny Fanahy Masina koa mitolona ho antsika : « Ny Fanahy no mamonjy ny fahalementsika ; fa tsy fantantsika izay vavaka tokony hataonstika, fa ny Fanahy no mifona amin'ny fitarainana tsy azo tononina » (Romana 8/26). Andriamanitra mitolona ho antsika : « Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika » (Romanan 8/31)<sup>3</sup>. Kristy Jesosy koa mitolona ho antsika : « Kristy Jesosy no efa maty, eny sady nitsangana tamin'ny maty koa mitoetra eo amin'ny tanana ankavanana'Andriamanitra ary mifona ho antsika » (Romana 8/34). Ny Fanahy Masina mitolona ho antsika, ny Ray mitolona ho antsika, ny Zanaka mitolona ho antsika ; koa tsy mpandresy isika fa « manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'ilay tia antsika » (Romana 8/37). Fitahiana ho antsika izany.

Jakoba ilay nisoloky ny tsodrano, rahefa nibebaka, nanaiky fa hanova ny ao anatin'ny azahoan'ny fitondrantena ivelany hiova, dia niverina ho ao amin'Andriamanitra, nanaiky ny antson'Andriamanitra izay niteny taminy hoe : « miverana amiko » (and. 10), dia nangataka tamin'Andriamanitra sy nilaza tamin'Andriamanitra ny fahatahorany ny rahalahany tamin'Andriamanitra « Afaho aho, miangavy afaho amin'ny tana-maherin'ny rahalahiko, amin'ny tanan'i Esao ; fa matahotra azy aho, matahotra aho fandrao avy hamely ahy mbamin'ny vadiko aman-janako izy » (and.12) ary nanao fandinhan-tena koa naniry ny ihavana tamin'ny rahalahany tamin'ny alalan'ireo fomba maro samy hafa : fizarana ny toby ho roa ary fanolorana fanomezana ho an'i Esao (and. 14-22) saingy **Andriamanitra niseho tamin'ny endrika hafa no nitolona taminy,**

<sup>3</sup> Ny valiny dia isika ihany rahefa tsy mety miaraka amin'Andriamanitra isika.

Andriamanitra niseho tamin'ny endrika'olombelona no tena nampibebaka azy koa nahatonga azy handray ny tsodrano tamin'ny « andro fahatelo » : « izy nitahy azy » (and. 30b). Fahasoavana ho antsika izany.

Tsy tsodrano nangalarina tamin'ny hafetsena fa tsodrano nomen'Andriamanitra maimaimpoana, ary ankehitriny Jakoba dia irery nefo tsy tokana satria Andriamanitra miaraka mitolona aminy : Israely.

Ny tolon'ny vavaka dia miainga amin'ny fihainoana an'Andriamaitra ary manomboka amin'ny fibebahana, -fiovana ao anaty-, ary mitohy amin'ny fiovana ivelany, fiovana famindra, fiverenana amin'Andriamanitra ary tonga amin'ny fangatahana amin'Andriamanitra sy ny filazana aminy ny fatahorana nefo koa mandalo fandihinan-tena sy fihavanana amin'ny fahavaloo ary miafara amin'ny fihainona fandraisana ny valim-bavaka.

### **3. Miady amin'iza Jakoba ?**

« Tsy hatao hoe Jakoba intsony ny anaranao fa Israely ; satria ianao nitolona tamin'Andriamanitra sy tamin'ireo olona, ary ianao no naharesy » (and. 29b). Ny teny fototra dia tsy manoratra hoe nitolona tamin'ny olona fa « nitolona tamin'ireo olona » (אָנָשִׁים : *anachim* fa tsy *anach* : אָנוֹשׁ). Milaza olona maro. Iza ireo olona maro nitolona tamin'i Jakoba ?

Miady amin'iza Jakoba izay lasa Israely koa nilazana hoe « nitolona tamin'Andriamanitra sy tamin'ireo olona ianao ». Tsy olona iray no nitoloman'i Jakoba fa olona maro, « ireo olona ».

Rachi dia milaza fa Jakoba dia nitolona tamin'ny « anjelin'i Esao »<sup>4</sup>, milaza izany koa ny Zohar<sup>5</sup> ; ary hatramin'izao dia manamafy izany ireo mpamianatra Jiosy<sup>6</sup>.

Ny fanamarihana dia manao hoe : ahoana no angatahana fitahiana amin'ny anjelin'ny fahavaloo ? Ary manampy antsika mamaly izany fanotaniana izany ny mpampianatra Jiosy koa milaza fa Jakoba sady nitolona tamin'ny anjelin'i Esao no sady nitolona tamin'ny anjeliny, ary ny anjelin'i Esao dia resin'ny anjelin'i Jakoba ary io anjeliny io no nitolona tamin'i Jakoba nanala ny tahotra sy fahatezerana tao anatin'i Jakoba<sup>7</sup>.

Jakoba naheresy ny tahotra sy ny fahatezerana tao anatiny koa tsy nahita afa tsy fitahiana avy amin'ny anjely, tolona izay efa niriany hatrany amboalohany : « championna ny tavany amin'ny fanomezana izay mandeha eo alohako aho ary hahita ny tavany ; angamba hampitraka ny tavako izy » (and. 21). Ary noho izany, ny tolona nataon'i Jakoba tamin'ireo olona, tamin'ny anjely, dia nahafahany nandresy ny fahatezerany sy ny fahatahorany an'i Esao, koa niova ny fahitany an'i Esao : Lasa rahalahy azo iresahana anaovana fihavanana ary Esao nihavana taminy ; ary izay no ambara eo amin'ny Genesisy 33/3-4 : «Ary Jakoba nandeha teo alon'izy rehetra ; ka niankohoka impito tamin'ny

<sup>4</sup> Rahci, *Commentaire de la Genèse*, Paris, Fondation Samuel et Odette Lévy, 1976<sup>3</sup>, p. 227. Rachi mpampianatra jiosy no sady mpitory teny tamin'ny taonjato faha 12. Mitovy amin'izany koa ny filazan'ny mampianatra jiosy no sady mpitoriteny tamin'ny taonjato faha 17, Jacob ben Isaac Achkenazi de Janov, *Commentaire sur la Torah*, tr. fr., Paris, Verdier, 1987, p. 233

<sup>5</sup> Ny Zohar dia bokin'ny Fahazavana. *Le Zohar*, tome II, Pauly Jean de (tr.), Paris, Maisonneuve, 1985, t. II, p. 267 sq. Mila izany koa ny Midrash Tanhouma Vayishla'h, 8.

<sup>6</sup> Eisenberg Josy & Abecassis Armand, *À Bible ouverte*, t. IV, *Jacob, Rachel, Léa et les autres*, Paris, Albin Michel, 1981, p. 389.

<sup>7</sup> Elie Wiesel, *Célébarations. Portraits, légendes*, Seuil, 1994.

tany mandra-pahatongany teo akaikin'ny rahalahany. Dia nihazakazaka nitsena azy Esao ary nisakambina ny tendany dia namihina sy nanoroka azy ; ary samy nitomany izy mirahalahy ». Ny ampiseho izany fihavanana vokatry ny vavaka izany antony iray ilazan'ny protestanta malagasy ny amakina ny Genesisy 32/4 hatramin'ny 33/20.

Jérôme milaza fa ireo olona nitolona tamin'i Jakoba dia ady tao anatin, fa ny tolona lehibe dia ny tolona nataon'i Jakoba nanohatra an'Andriamanitra<sup>8</sup>. Manohy izany fampianaran izany Martin Luther koa milaza fa amin'ny tolona ataon'i Jakoba, isika kristiana dia antsoina hanohitra an'Andriamanitra ary mandresy an'Andriamanitra<sup>9</sup> : Tsy Andriamanitra no resintsika, tsy milefitra amintsika izy, fa ny finoantsika sy ny fikirantsika no mandresy ny fahatezerany.

#### **4. Ny vokatry ny ady amin'ny fiainana**

Raha vao nanomboka ny vavaka nataon'i Jakoba, ny firesahany tamin'Andriamanira dia nampatsiahiviny an'Andriamanitra ny teny fanekeny ; « Jehovah izay efa nanao tamiko hoe : ... izaho hanao soa aminao.... Izaho hanisy so anao tokoa » (and. 10b sy 13a). Mahagaga dia mahagaga fa Andriamanitra dia mbola tsy niteny an'ireo tamin'i Jakoba. Misoloky indray ve Jakoba ? Mamitaka indray ve Jakoba. Miady amin'Andriamanitra ve Jakoba ? Jakoba manao ny fanekem-pinoany, milaza ny faniriany ary lazainy fa efa tanteraka sahady ny faniriany : ianao nanao tamiko hoe : izaho hanao soa aminao tokoa. Ny vavaka dia mampiova an'Andriamanitra, la prière exauce Dieu, hoy Wlifred Monod.

Ary noho ny tolona izay nahatonga an'i Jakoba ho Israely dia novain'i Jakoba ny ivelany ; koa ny toerana izay nitolomaly, « Jaboka » (and. 23b) dia nataony hoe « Peniela » (and. 31a), ara-bakiteny : ny tavako ho an'Andriamanitra, nanolotra ny tenany ho an'Andriamanitra izy, « namoa voa miendrika ny fibebahana » ; nefy tsy ny tenany ihany no natolony ho an'Andriamanitra fa ny ankohonany ihany koa, ary noho izany dia novainy ny anarana « Peniela » koa nataony hoe « Penoela », ara-bakiteny : ny tarehinareo ho an'Andriamanitra. Ny fanoloran-tena dia tsy ho an'ny tena samy irery fa fitaritana ihany koa ny ankohonana hanolotra ny tena ho an'Andriamanitra, fitaritana ihany koa ny fiangonana : Penoela. Ny vavaka dia tsy vavaka ho an'ny tena samy irery fa ho an'ny hafa ihany koa.

Ny fiafaran'ny vavaka dia ny fahafantarana an'Andriamanitra, Andriamanity ny fitahiana : « izy nitahy azy » (and. 30b), « efa nahita an'Andriamanitra nifanatrika aho ary ny aiko dia voavonjy » (and. 31b). Misy akony lehibe ao amin'ny Testameta vaovao ny fahafantarana an'Andriamanitra. Ny fahafantarana an'Andriamanitra no fiainana mandrakizay (Jaona 17/3), ny fitahian'Andriamanitra dia ny fiainana mandrakizay. Ny mahafantatra an'Andriamanitra, ny manana ny fiainana mandrakizay, ny tahin'Andriamanitra, ny mahita ny tarehin'Andriamanitra dia tsy maty fa velona nefy na izany aza dia misy marika hita maso tsy azo kosehina : « milotsika ny fe » (and. 32) ahatsiarovana fa Andfiamanitra nanova antsika.

<sup>8</sup> « Si autem mecum qui Deus sum, sive Angelus (quoniam plerique varie interpretantur) pugnare potuisti, quanto magis cum hominibus, hoc est cum Esau quam formidare non debes» izay adikako hoe « Si tu as pu lutter avec moi, qui suis Dieu ou son ange (en effet, plusieurs interprétations sont possibles), à plus forte raison, tu pourras lutter avec les hommes, notamment avec Esaü que tu ne dois plus redouter », in *Liber Hebraicarum quaestionum in Genesim, Opera*, Migne, t. III, col. 988. Jérôme dia mpampianatra no sdy mpitandrina tamin'ny taonjato faha 45.

<sup>9</sup> « dominos et victores Dei », in Martin Luther, *Vorlesungen über I Mose, Opera omnia*, Weimar, t. 44, p. 105.

Andriamanitra miteny amintsika, amin'ny alalan'ny Genesisy 32 ary ny fisaitainantsika ny Genesisy 32/9-23 dia azahaoantsika mahatsapa fa **ny vavaka dia adin'ny finoana sy fandresen'ny fikirizana.**

Ny Genesisy 32/9-23 dia milaza amintsika ny tolona atao amin'ny alina, tolona atao ahafantarana an'Andriamanitra ; ary toy izany ny fizotry ny vavaka izay ambara amintsika raha vao manomboka manokatra ny bokin'ny vavaka isika. Ao amin'ny fiatombohan'ny bokin'ny vavaka, ny Salamo, ary amin'ny teny voalohany indrindra, Salamo 1/1-2 :

« Sambatra ny olona izay tsy mandeha eo amin'ny fisainan'ny ratsy fanahy ; ary tsy mijanona eo amin'ny lalana falehan'ny mpanota ary tsy mipetraka eo amin'ny fipetrahan'ny mpaniratsira ; fa ny lalàn'i Jehovah no sitrany, eny ny lalàny no saintsaininy andro aman'alina, dia tahaka ny hazo ambolena eo amoron'ny rano velona izy, izay mamao amin'ny fotoany, ny raviny koa tsy mba malazo ary ny asany rehetra ataony lavoraray avokoa ».

Ny fihainoana an'Andriamanitra dia amin'ny fisaintsainana ny Soratra Masina amin'ny andro sy ny alina *méditer la Sainte Ecriture*. Misaintsaina ny lalàn'i Jehovah andro aman'alina ary ny lalàn'i Jehovah dia ny Soratra Masina rehetra. Ny atondro atao amakina ary rahefa alina tsy afaka mamaky intsony ny maso dia tohizana izany satria mbola saintsainina ihany.

Toy izany ny tolona nataon'i Jakoba tamin'ny alina, tolona nataony nitokana samy irery. Toy izany no itaritana antsika. Mitolona ao amin'Andriamanitra, mitolona miaraka amin'Andriamanitra. Toy izany no itaritana antsika ihaino an'Andriamanitra azahoantsika miteny aminy.

Mihaino an'Andriamanitra andro aman'alina : Misaintsaina andro aman'alina ny Soratra Masina. « Misaintsaina **ao** anao mandritra ireo fiambenana amin'ny alina » (Salamo 63/7) hoy Davida fony izy nitokana irery sy tao amnin'ny fahanginana. Mitsofoka ao amin'Andriamanitra. Misaintsaina miaraka amin'Andriamanitra. Izay dia izay no fiatombohan'ny vavaka araka ny ambaran'ny teny voalohany ao amin'ny boky voalohany ny vavaka. Izay no fiatombohan'ny ady : miaraka amin'Andriamanitra, manaiky ny itoeran'Andriamanitra.

Ny fiainantsika rehetra dia toy ny tolona manome fandresena. Fandresena izay tsy azotsintsika rombahana amin'ny alalan'ireo herintika rehetra fa fandresena omen'Andriamanitra antsika, fandresen'Andriamanitra miaraka amintsika, fandresentsika miaraka amin'Andriamaitra, fandresena omeny isan'andro ary raisina amin'ny finoana, koa izany no anafarana antsika miaraka amin'i Timoty hoe : « Miadia ny ady tsara ny finoana, hazony ny fiainana mandrakizay ; fa ho amin'izany no niantsona anareo koa sy nanaovanao ilay faneke na tsara teo imason'ny vavolombelona maro » .

**Rakotoarimanana Raharindranto Mpitandrina,**  
Bordeaux, 04 Martsa 2015